WIKIPEDIA

# Fiteny arameana



Ny **fiteny arameana** (na **aramaika**) dia iray amin'ireo vondrom-piteny hamito-semitika. Misy koa ny manoratra hoe ***arameo*** tahaka ny hoe *hebreo* sy ny hoe **aramianina** na **arameanina**. Amin'io fianakaviam-piteny hamito-semitika (na afro-aziatika) io dia isan'ny sampana semitika ny fiteny arameana. Raha ny tena marina dia ampahan'ny fianakaviam-piteny semitika atsimo-andrefana ny fiteny arameana, izay mahafaoka koa ireo fiteny kananeana toy ny fiteny hebreo sy ny fiteny fenisiana (foinikiana na koa foenikiana) ary ny fiteny ogaritika. Ny abidy arameana dia noraisin'ireo fiteny hafa sady razan'ny abidy hebreo sy ny abidy arabo, ary koa ny abidy kharoshity ao avaratra-andrefan'i India, ary mety ho razan'ny abidy brahmy koa.

Nandritra ny 3100 taon'ny tantara voasoratra dia nampiasaina ho fitenim-panjakan'ny empira sy fiteny amin'ny fanompoam-pivavahana ny fiteny arameana. Isan'ireo fiteny andavanandro tao Palestina nandritra ny fotoan'ny Tempoly Faharoa (539 tal. J.K. - 70 taor. J.K.), fiteny niresahan'i Jesoa-Kristy[1] [2], fitenin'ny ampahany be ao amin'ny Bokin'i Daniela sy ny Bokin'i Ezra (na Esdrasa) ao amin'ny Baiboly, ary fiteny nampiasaina indrindra ao amin'ny Talmoda[3]. Nefa, ny fiteny jodeo-arameana dia hafa noho ny fananany toetra sy fitsipiteny miavaka.

Ny tantara lavan'ny fiteny arameana sy ny fampiasana azy amin'ny fomba isankarazany dia nanjary niteraka ny fiforonan'ny fitenim-paritra maro, izay heverina indraindray ho tena fiteny mahaleotena. Noho izany, tsy nisy ny atao hoe fiteny arameana marin-toerana sy tsy miova. Ny vanim-potoana tsirairay sy ny faritra tsirairay dia samy nanana ny karazam-piteny arameanany avy. Nanao ny arameana ho fitenim-pivavaha ny Fiangonana Tatsinanana, amin'ny endriny atao hoe siriaka, izay karazana fiteny arameana nampielezana ny fivavahana kristiana tatsinanana. Ireo fiangonana ireo dia nampiasa ny arameana na karazana arameanam-paritra.

Ny fiteny arameana vaovao dia ampiasaina ho fiteny voalohany ao amin'ny vondro-mponina madinika miparitaka ka mitoka-monina ny ankamaroany, izay Kristiana na Jiosy, sy ampiasain'ny foko mandeana any Azia Atsinanana[4] – ny ankamaroany, ireo Asiriana, dia mampiasa ny fiteny arameana amin'ny endriny vaovao, asiriana arameana vaovao, kaldeana arameana vaovao – ; izy rehetra dia mbola mampiasa fiteny natanjaka ifaneraseran'ny olona tsy mitovy fiteny. Ireo fiteny arameana ireo dia heverina ho fiteny andalam-panjavonana amin'izao fotoana izao[5].

## Votoatiny


**Ny lanja ara-tantaran'ny fiteny arameana**

**Vondron-pitenim-paritra**

**Fielezan'ny fiteny arameana**

Teo amin'ny vahoaka jiosy

Tamin'ny andron'i Jesosy

**Jereo koa:**

**Loharano sy fanamarihana**

# Ny lanja ara-tantaran'ny fiteny arameana

Tamin'ny taonjato faha 6 tal J.K. dia fiteny nampiasain'ny fitondram-panjakan'ny Empira persiana ny arameana. Hatramin'ny taonjato faha-3 hatramin'ny taona 650 taor. J.K. dia ny arameana no fiteny nanoratana be mpampiasa indrindra tao Atsinanana Akaiky. Izy no nanome ny anarany ho an'ny abidy arameana izay nanoratana azy. Azo nampiasaina ho teny ifaneraseran'ny olona tsy mitovy fiteny ny arameana[6].

Fitenim-pifandraisan'izany vanim-potoana izany ny fiteny arameana ka izy no fiteny nanabeazana sy nampiasaina amin'ny raharaham-barotra. Tamin'ny taonjato faha-8 tal. J.K. dia nampiasaina andavanandro ny fiteny arameana hatrany Ejipta ka hatrany Azia Lehibe, hatrany Pakistàna, ary izy no fiteny nampiasaina indrindra tao amin'ny Empiran'i Asiria, ny an'i Babilona ary taty aoriana ny Empira kaldeana sy ny fitondram-panjakan'ny empiran'i Mesopotamia.

Niely tany Palestina koa ny fiteny arameana ka nisolo ny fiteny hebreo izay nampiasaina andavanandro teo anelanelan'ny taona 721 sy 500 tal. J.K. Ampahany be amin'ny Lalàn'ny jodaisma no voaforona sy niadian-kevitra ary nampitaina tamin'ny alalan'ny fiteny arameana, ary ny arameana koa no lasa fiteny fotory ny Talmoda.

Heverina fa niteny arameana i Jesosy (na Jesoa) ary nanoratra tamin'ny atao ankehitriny hoe arameana andrefana, izay tenim-paritry ny Jiosy tamin'izany fotona izany. Taorian'ny nahafatesan'i Jesosy dia voasoratr'ireo Kristiana voalohany tamin'ny fiteny arameana ny soratra masiny, izay mitantara ny fiainan'i Jesosy sy mampiely ny teniny tamin'io fiteny io tany amin'ny firenenana maro.

Amin'ny maha fiteny nampiasaina hamosahana hevitra ara-pivavahana azy dia lasa nampifandray ny jodaisma sy ny kristianisma ny fiteny arameana.

# Vondron-pitenim-paritra

Ny vondron-pitenim-paritry ny fiteny arameana telo ankehitriny dia:

- ny fiteny arameana vaovao andrefana (fiteny siriaka andrefana), teny fampiasan'olona anarivo amin'ny tanàna sirianin'i Antilibàna (miaraka amin'i Maaloula) sy fianakaviana am-pielezana any amin'ny tanàna siriana sy libaney ary any Amerika;
- ny fiteny arameana vaovao atsinanana (fiteny siriaka vaovao, fiteny siriakam-bahoaka), izay tenenin'ny mpiteny an-ketsiny, indrindra ao avaratr'i Iràka, izay antsoina hoe "soureth", ao amin'i Kaokazy ary any am-pielezana (Eorôpa, Amerika, Aostralia), izay mivavaka amin'ny fiangonana kristiana tatsinanana (asiriana), jiosy targoma, na mandeana.
- ny fiteny arameana afovoany izay ahitana mpiteny an'arivony ao amin'ny tanànan'i Tur Abdin, mampiasa ny fitenim-paritra Turoyo ary ny am-pielezany. Misy ihany koa ireo mpampiasa ilay fitenim-paritra ao Siria (faritanin'i Al-Hasaka) ary any am-pielezana (Soeda).

Maro ireo teny nindramin'ny fiteny hebreo sy arabo ary persàna tamin'ny fiteny arameana.

# Fielezan'ny fiteny arameana

### Teo amin'ny vahoaka jiosy

Ny Bokin'i Daniela sy ny Bokin'i Ezra (na Esdrasa) dia voasoratra ampahany amin'ny fiteny arameana. Ao amin'ireo soratra hita tao Komràno dia misy zato eo ho eo ny lahatsoratra voasoratra amin'ny fiteny arameana, indrindra ireo dikan-tenin'ny Baiboly (atao hoe Targoma)[7].

Ny Targoma Onkelosy, izay heverina araka ny lovantsofina fa nataon'i Onkelosy Proselita, dia dikan-teny ofisialin'ny Torah nampiasain'ny vahoaka jiosy.

Nampiasain'ireo raby koa ny fiteny arameana tamin'ny fanoratana manontolo ny Talmodan'i Babilona sy ny Talmodan'i Jerosalema. Ny Mishna ihany no voasoratra tamin'ny fiteny hebreo. Noho izany dia havanana kokoa amin'ny fampiasana ny fiteny arameana mitaha amin'ny fiteny hebreo vaovao ny tena mpianatra ny Talmoda.

### Tamin'ny andron'i Jesosy

Heverina ho ny fiteny arameana no fiteny notenenin'ny mponin'i Jodea (Jodia) tamin'ny andron'i Jesosy sy tamin'ny manodidina. I Manika (ilay nampiely ny manikeisma) koa dia nitory teny tamin'ny fiteny arameana, na dia misy mpahay tantara sasany milaza fa ny fiteny grika dia niely manerana ny faritra manodidina ny Ranomasina Mediteranea.

Heverina ho nanao toriteny tamin'ny fiteny arameana koa i Jesosy[8].

Misy fehezanteny izay nolazain'i Jesosy, araka ireo Evanjely, izay voasoratra amin'ny fomba roa samy hafa amin'ny litera grika ao amin'ny Evanjelin'i Marka sy ny Evanjelin'i Matio.

Ny lahatsoratr'i Westcott-Hort dia manome an'izao:

- ελωι ελωι λεμα σαβαχθανι / *elôi, elôi, lema sabakhthani*. (Mat. 27.46)[9]
- ελωι ελωι λαμα σαβαχθανι / *elôi, elôi, lama sabakhthani*. (Mar. 15.34)[10]

Ny *Codex Bezæ* sy ireo dikan-teny *Stephanus New Testament* (1550) ary ny dikan-teny *Scrivener New Testament* (1894) dia ahitana izao:

- ηλι ηλι λαμα σαβαχθανι / *êli, êli, lama sabachthani*. (Mat. 27.46)[9]. Ity fomba fanoratra amin'ny litera grika ity dia manakaiky ny fiteny hebreo ofisialy tamin'izany fotoana izany.

Ny *Traduction Oecuménique de la Bible* (TOB) dia manao fanamarihana fa ireo andininy ireo dia manao tonontsiahy ny Salamo 22.2 (izay voasoratra amin'ny teny hebreo toy izao: אֵלִי אֵלִי לָמָה עֲזַבְתָּנִי / *Eli*, *Eli*, *lama azavtani*.

Ny Baiboly atao hoe *La Bible de Jerusalem* dia manao fanamarihana ny amin'ny andininy ao amin'ny Marka 15.34: « Jésus a dû prononcer en araméen, *Élahî*, transcrit *Élôï*, peut-être sous l'influence de l'hébreu *Élohim*. » ("Tokony ho izao no notononin'i Jesosy amin'ny fiteny arameana: *Élahî*, izay nosoratana hoe *Élôï*, angamba noho ny fiharan'ny teny hebreo hoe *Élohim*."). Ireo dikan-teny roa ireo dia manoratra hoe *Éli* (*Eli*) ao amin'ny Evanjelin'i Matio, fa *Élôï* (*Eloï*) kosa ao amin'ny an'i Marka.

## Jereo koa:

- Fiteny hebreo
- Fiteny arabo
- Fiteny semitika

- Fiteny amharika
- Abidy arabo
- Abidy hebreo

# Loharano sy fanamarihana


1. *The Eerdmans Bible Dictionary: Aramaic*, Grand Rapids, Michigan, Allen C. Myers, William B. Eerdmans, 1987(ISBN 0-8028-2402-1), p. 72 « It is generally agreed that Aramaic was the common language of Israel in the first century AD. Jesus and his disciples spoke the Galilean dialect, which was distinguished from that of Jerusalem (Matt. 26:73). »
2. http://markdroberts.com/htmfiles/resources/jesuslanguage.htm [tahiry (http://archive.wikiwix.com/cache/?url=http%3A%2F%2Fmarkdroberts.com%2Fhtmfiles%2Fresources%2Fjesuslanguage.htm)].
3. Beyer 1986, p. 38–43 ; Casey 1998, p. 83–6, 88, 89–93 ; Eerdmans 1975, p. 72.
4. Heinrichs 1990, p. xi–xv ; Beyer 1986, p. 53.
5. "L'araméen, la langue parlée par Jésus, menacée d'extinction (http://www.atlantico.fr/pepites/arameen-langue-parlee-jesus-menacee-extinction-619058.html)" [tahiry (http://archive.wikiwix.com/cache/?url=http%3A%2F%2Fwww.atlantico.fr%2Fpepites%2Farameen-langue-parlee-jesus-menacee-extinction-619058.html)], lahatsoratra tao amin'ny Atlantico, 26/01/2013.
6. "Aramaic language" ao amin'ny *Encyclopædia Britannica*.
7. Ursula Schattner-Rieser, *Textes araméens de la mer Morte*, Bruxelles, Belgique, Safran, 2005, Natao amin'ny fiteny roa, nasian-janapeo sy famoaboasana (ISBN 9782874570018, fampahafantarana (https://web.archive.org/web/20070928235052/http://www.safran.be/editions/html_fr/_lca5_index.html) [tahiry (http://archive.wikiwix.com/cache/?url=https%3A%2F%2Fweb.archive.org%2Fweb%2F20070928235052%2Fhttp%3A%2F%2Fwww.safran.be%2Feditions%2Fhtml_fr%2F_lca5_index.html)]).
8. M. Black, *An Aramaic Approach to the Gospels and Acts*, 3e éd., Hendrickson Publishers, 1967 . C. F. Burney, *The Aramaic Origin of the Fourth Gospel*, Oxford at the Clarendon Press, 1922 ; M. Casey, *The Aramaic Sources of Marks' Gospel*, Cambridge University Press, 1998 ; M. Casey, *An Aramaic Approach to Q*, Cambridge University Press, 2002 . F. Zimmermann, *The Aramaic Origin of the Four Gospels*, Ktav Publishing House, 1979.
9. Izao no hita ao amin'ny Baiboly protestanta amin'ny teny malagasy: "Ary nony tokony ho tamin'ny ora fahasivy, dia niantso tamin'ny feo mahery Jesosy ka nanao hoe: Ely, Ely, lamà sabaktany? izany hoe: Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao?" (Mat. 27.46)
10. Izao no voasoratra ao amin'ny Baiboly protestanta amin'ny teny malagasy: "Ary tamin'ny ora fahasivy Jesosy dia niantso tamin'ny feo mahery ka nanao hoe: Eloy, Eloy, lamà sabaktany! izay hoe, raha adika: Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no mahafoy Ahy Hianao?". (Mar. 15.34)



Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_arameana&oldid=980077"

**Voaova farany tamin'ny 24 Janoary 2020 amin'ny 16:32 ity pejy ity.**

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.